**Andro maneran-tany ho an'ny Fitantanam-Piainana Kristiana**

**Sabata 01 desambra 2012**

# Fampiasana sy famelomana indray ny fahaiza-manao izay ananana

Andininy fototra : 2 Timoty 1 : 1 - 14

**Fampidirana**

Mankalaza ny andro maneran-tany ho an'ny Fitantanam-Piainana Kristiana isika anio. Misy fomba fiaina sy hatsaram-piainana natokana ho an'ny Kristiana, ary Jesosy mihitsy no nilaza izany : "Izaho avy mba hananany fiainana, sady hananany be dia be." Jaona 10 : 10. Ny Apostoly Paoly dia miresaka ny amin'ny "teny fikasana milaza ny fiainana izay ao amin'i Kristy Jesosy". 2 Timoty 1 : 1. Moa ve mba manana amin'ny fahafenoany io fiainana be dia be izay ampanantenain'i Kristy ho an'ny ondriny io isika ?

Mampahatsiaro an'i Timoty ny amin'ny fanaovana antsirambina ny lafiny iray amin'io fiainana be dia be nampanantenaina io ny Apostoly Paoly : "Ary noho izany dia mampahatsiaro anao aho mba hamelomanao ny fanomezam-pahasoavana avy amin'Andriamanitra, izay ao anatinao tamin'ny fametrahako ny tanako". Mampahatsiaro antsika io andininy io fa manome fanomezam-pahasoavana ho antsika Andriamanitra sady manasa antsika mba hiaina amin'ny fahafenoany araka ny fanomezam-pahasoavana noraisintsika na ny fahaiza-manao izay ananantsika. Io lafiny iray izay manao hoe "miaina araka ny fanomezam-pahasoavana izay ananana" io no votoatin'ny fampaharezana ho antsika androany. Inona no fahaiza-manao noraisin'ny mpino tsirairay avy ? Inona no atao mba hamelomana indray ireo fanomezam-pahasoavana izay tsy ampiasaina fa matory ? Moa ve tena zava-misy marina eo anivon'ny fiangonan'Andriamanitra ireto teny nataon'i Calvin Coolidge ireto : "Ny harena betsaka indrindra eto amin'ity firenena ity dia ireo fahaiza-manao izay tsy ampiasaina" ?

**Fizarana voalohany : Toe-javatra mampanahy**

Andeha hojerentsika akaiky ny famporisihina nataon'i Paoly ho an'i Timoty mikasika ny fahaiza-manao izay ananana nefa tsy ampiasaina : «Ary noho izany dia mampahatsiaro anao aho mba hamelomanao ny fanomezam-pahasoavana avy amin'Andriamanitra, izay ao anatinao tamin'ny fametrahako ny tanako". 2 Timoty 1 : 6. Tena mahaliana ny sarin-teny ampiasainy . Ny teny hoe "mamelona" amin'ity andininy ity dia midika hoe "mandrehitra indray", "mitandrina", toy izay atao amin'ny afo efa mila ho levona. Fanampiana kitay na angovo hafa mba hamelomana ny afo izay mitady ho faty no asa atao amin'izany. Ankehitriny no anaovana io asa io ary mitohy hatrany. Inona no nodinihin'i Paoly na norenesiny mikasika an'i Timoty ilay zanany malala ? Moa ve nihena ny fampiasan'i Timoty ny fanomezam-pahasoavana noraisiny sa nisy ny tsy fampiasany izany ? Manasa an'i Timoty izy mba handray andraikitra.

Miverimberina foana eo amin'ny taranak'olombelona ity tsy fampiasana ny fanomezam-pahasoavana ity. Tadidio ilay lehilahy tao amin'ny fanoharana momba ny talenta izay nandevina ny

talenta iray izay nomena azy. Manazava tsara ity toe-javatra ity ireto teny nataon'i Brian Stacy ireto : "Ny fahaiza-manao ananan'ny olona iray dia toy ny ranomasimbe midadasika izay mbola tsy nandehanana mihitsy, toy ny kaontinanta vaovao iray izay tsy mbola notrandrahana, toy ny tontolo iray feno fahazoa-manao zavatra ka miandry fotsiny ny fitarihana azy ho any amin'ny fanatanterahan-javatra mahagaga". Timoty dia kristiana nanana finoana tena vokatry ny fo. Fantatr'i Paoly tsara izany. Tsy afaka niaro azy tamin'ny tsy fampiasana ny fahaiza-manao izay noraisiny anefa izany. Moa ve mety mahakasika ny kristiana sasantsasany izay tena mivavaka amin'ny fony koa izany ankehitriny : miaina ao ambanin'ny fahaiza-manao izay nomen'Andriamanitra antsika isika ?

Ho fanampiana an'i Timoty mba hanonitra izany, dia notohizan'i Paoly amin'ny filazana ny fahaiza-manao izay noraisin'ny mpino ny teniny : "Fa tsy nomen'Andriamanitra fanahy osa isika, fa fanahy mahery sy fitiavana ary fahononan-tena". 2 Timoty 1 : 7. Tsy miresaka ny amin'ny toetra tia mamoaka ny fihetseham-pony na tsy mamoaka ny ao am-pony akory i Paoly fa miresaka ny amin'ny fahaizan'ny mpino tsirairay avy hanatanteraka zavatra iray manan-danja. Mba hahazoana manatanteraka izany dia omen'Andriamanitra zavatra telo isika : ny hery, ny fitiavana ary ny fahononan-tena. Mahafinaritra ny fampiarahana ireto teny ireo. Tsy hery feno fitiavan-tena izay ampiasaina ho amin'ny fikasana manokan'ny tsirairay avy akory izany, fa hery mikambana amin'ny fitiavana an'Andriamanitra sy ny hafa. Tsy hery mandeha an-jambany fotsiny ka ampiasaina tsy amim-piheverana sy amin-kadalana fa hery mikambana amin'ny fahononan-tena. Feno ny fahaiza-manao omen'Andriamanitra ny zanany.

Ny fanahin'ny faminaniana ihany koa dia misarika ny saintsika amin'ny maha-zava-dehibe ny fampivelarana sy fampiasana ny fahaiza-manao ananantsika. Ataon'i Ellen White ho lohalaharana eo amin'ny fiainan'ny mpino izany : « Ny fampitomboana ny fahaizantsika no adidintsika voalohany eo anatrehan'Andriamanitra sy ny mpiara-belona amintsika. Tsy misy mahatanteraka ny teti-piainany isika raha tsy mitombo isan'andro eo amin'ny fahaizana sy ny toetra mahasoa ». *Henoinareo ny Fanoharana*, p. 285. Manasa ny mpino rehetra izy mba hanohitra sy hiady amin'izay rehetra mety hampiato io fitomboana io : « Mitaky fitomboana amin'ny fahombiazana sy ny fahaiza-miasa amin'ny lafiny rehetra amin'ny Kristiana rehetra ny Tompo . » *Henoinareo ny Fanoharana* , p. 286.

**Fizarana faharoa : Mitondra rivo-baovao**

a. **Voalohany indrindra dia ny fanekena ataon'ny tena**

Tsy niolikolika i Paoly fa tonga dia nasehony an'i Timoty ny zavatra voalohany indrindra tokony hataony mba hitondra rivo-baovao indray ho an'ny fahaiza-manao izany ananany : "fa aoka ianao ho mpiombona ny fahoriana noho ny filazantsara araka ny herin'Andriamanitra, Izay namonjy antsika sy niantso antsika tamin'ny fiantsoana masina..." 2 Timoty 1 : 8, 9. Ny fanekena tanteraka ny hivelona araka ny antso izay noraisina no zavatra voalohany tokony hatao mba hampiasana indray ireo talenta izay tsy niasa fa matory. Misy vidiny izany fanekena izany : miombona fahoriana amiko. Tena ilaina ataon''i Timoty izany raha tiany ny hivelona araky ny fanomezam-pahasoavana izay noraisiny. Zava-dehibe ny fahafantarana ireo fanomezam-pahasoavana izay noraisina saingy amin'ny alalan'ny fampiharana izany no ahazoantsika mampitombo azy.

Manizingizina ny maha-zava-dehibe ny fanekena mitohy hatrany ny Apostoly Paoly : "Eo anatrehan'Andriamanitra sy Kristy Jesosy, Izay hitsara ny velona sy ny maty, ary noho ny amin'ny

fisehoany sy ny fanjakany, no ananarako anao mafy: mitoria ny teny, mazotoa, na amin'ny fotoana, na tsy amin'ny fotoana, mandrese lahatra, mamporisiha, mananara mafy amin'ny fahari-po sy ny fampianarana rehetra". 2 Timoty 4 : 1, 2. Ataovy amin'ny fo ny fanatanterahana ny andraikitra izay nomena anao.

Paoly no sangany amin'ny famonjena araka ny fahasoavana saingy tsy manakana azy tsy hanizingizina ny maha-zava-dehibe ny asa atao izany. Amin'ny taratasy sasantsasany nosoratany, 2 Timoty 2 : 3-6, dia milaza ny amin'ny toetry ny fanekena andrasana amin'i Timoty izy.

2 Timoty 2 : 3 "Miaraha miaritra ny mafy amiko ianao tahaka ny miaramila tsaran'i Kristy Jesosy".

Ahitana fahoriana ny fanaovana fanekena. Ao anatin'ny fangirifiriana no ahatanterahan'izany sady ahitana fandavan-tena ihany koa.

2 Timoty 2 : 4 "Ny miaramila manafika dia tsy mba misy maningo-tena amin'ny raharahan'izao fiainana izao, mba hahafaly izay efa nifidy azy ho miaramila."

Fantatr'i Paoly ny fisian'ireo sakana sy tohana amin'ny fanekena izay natao ; ireo mpangalatra fotoana sy fananana ary hery. Tsy tokony handresy antsika anefa ireny raha tsy izany dia ho olona lavitra ny tanjona tiantsika hotratrarina isika.

2 Timoty 2 : 5 "Ary raha misy manezaka amin'ny filalaovana, dia tsy satrohana satro-boninahitra izy, raha tsy manezaka araka ny lalàna."

Tsy maintsy mametraka fitsipi-piainana miteraka fahombiazana ilay nanao fanekena. Avy amin'io fitsipi-piainana mitondra fahombiazana io no nandrafetan'i Paoly ny fiainany. "Koa raha misy olona manadio ny tenany ho afaka amin'ireny, dia ho fanaka homem-boninahitra izy, efa nohamasinina ka mahasoa ho an'ny Tompo, voavoatra ho amin'ny asa tsara rehetra." 2 Timoty 2 : 21. Nolazainy ihany koa ny ohatra nasehon'ny olona anankiroa izay tsy nanaja ireo fitsipika ireo sy ny vokatra naterak'izany : "Ary tahaka ny nanoheran'i Jana sy Jambra an'i Mosesy no anoheran'ireo koa ny fahamarinana, dia olona maloto saina sady tsy manam-pinoana marina. Kanefa tsy handroso intsony izy; fa ny hadalany dia haseho amin'ny olona rehetra, tahaka ny an'ireo koa." 2 Timoty 3 : 8, 9. Ny fahalotoana sy ny fanoherana ny fahamarinana no loza mananontanona ny fahombiazan'ny fanekena natao. "Ny saina tsotsotra ihany nefa voafehy tsara, dia hahavita be lavitra hanao asa ambony lavitra noho ny saina nahazo ny fanabeazana ambony indrindra sy talenta lehibe indrindra nefa tsy voafehy" *Henoinareo ny Fanoharana*, p. 290. Ny fahaizana mifehy tena, ny fankatoavana ireo fitsipika ara-baiboly sy ireo lalàn'ny fahasalamana no mahatonga antsika hahita fahombiazana eo amin'ny fitomboana.

2 Timoty 2 : 6 «Ny mpiasa tany izay misasatra no tokony ho voalohany handray ny vokatra.»

Ny fiainana be dia be dia fanomezana avy amin'Andriamanitra fa tsy vokatry ny kisendrasendra akory. Ny valisoa dia vokatry ny ezaka natao. Misy fifandraisana mivantana eo amin'ny ezaka atao sy ny valisoa. « An'arivony no mandalo eto amin'ity fiainana ity sahala amin'ny tsy manana zavatra mazava hokendrena eo amin'ny fiainana, tsy misy fetra hotratrarina. Ny toy izany dia hahazo valisoa mifanaraka amin'ny asa vitany » *Henoinareo ny Fanoharana*, pp 286, 287. Ny fianarana tsara atao, ny fanaovana drafitra amin'ny antsipiriany dia tsy misy fiantraikany eo amin'ny fiainantsika raha toa ka tsy arahina fampiharana izany. Ny fanandraman'ny tena manokana, ny fandinihina atao sy ireo

fijoroana ho vavolombelona dia maneho fa ny ezaka mitohy no fanalahidy hamohana ny fahaiza-manao fa tsy ny hery na ny faharanitan-tsaina.

**b. Ny hery mampahatanjaka avy amin’ny Tenin’Andriamanitra**

Rehefa avy niresaka ny antony ilana ny fanekena ny Apostoly Paoly dia maneho zava-dehibe iray indray ho fampiasana ny fanomezam-pahasoavana izay noraisina. «Tano amin'ny finoana ny ny fitiavana ao amin'i Kristy Jesosy ny mariky ny teny tsy misy kilema, izay efa renao tamiko. » 2 Timoty 1 : 13.”Fa ianao kosa dia mahareta amin'izay zavatra nianaranao sy nampinoana anao, satria fantatrao izay nampianatra anao izany; fa hatry ny fony vao zaza ianao dia efa nahalala ny Soratra Masina, izay mampahahendry anao ho amin'ny famonjena amin'ny finoana izay ao amin'i Kristy Jesosy.” 2 Timoty 3 : 14, 15. Resaka momba ny fifikirana amin’ny “teny tsy misy kilema” sy ny “Soratra Masina” no voalaza eto. Amin’i Paoly ny tenin’Andriamanitra dia zava-dehibe amin’ny fitomboan’ny olona.

Ny andininy malaza indrindra ao amin’ity epistily faharoa nosoratan’i Paoly ho an’i Timoty ity, izay hita ao amin’ny 2 Timoty 3 : 16, 17, dia mbola manaraka io hevitra io ihany : ”Izay soratra rehetra nomen'ny tsindrimandrin'Andriamanitra dia mahasoa koa ho fampianarana, ho fandresen-dahatra, ho fanitsiana izay diso, ho fitaizana amin'ny fahamarinana, mba ho tanteraka ny olon'Andriamanitra, ho vonona tsara ho amin'ny asa tsara rehetra.”. Ambarany eto ny loharano niavian’ny Soratra Masina izay tsindrimandrin’Andriamanitra sady asehony ihany koa ny tanjona kendreny. Natao ho fampianarana, ho fandresen-dahatra, ho fanitsiana izay diso, ho fitaizana amin’ny fahamarinana ary ny tanjona farany indrindra dia ny hahatonga ny olon’Andriamanitra ho tanteraka sy ho vonona tsara ho amin’ny asa tsara rehetra. Ny Tenin’Andriamanitra dia mandray anjara amin’ny fanatsarana ny olona.

Miresaka ny amin’io fahafaha-manao ananan’ny Soratra Masina io i Ellen White : “Amin’ny alalan’ny fianarana ny teniny dia hifoha hiasa amin-joto ny heriny ara-tsaina, hitatra sy hitombo ny fahaizany, ary hahazo hery hoenti-manatanteraka asa ny sainy ». *Henoinareo ny Fanoharana*, p. 290.

Ny fandrika miandry ireo olona nanao fanekena sy mafana fo amin’ny asa dia ny filofosana tanteraka amin’ny asa fanao isan’andro ka manjary manao antsirambina ny fandinihina ny Baiboly. Mitovy amin’ny mpikapa hazo izay tsy mandranitra tsara ny tsofany izany. Ho vizana izy ary kely dia kely sady voafetra ihany ny asa vitany. Raha tsy eo ny Tenin’Andriamanitra dia tsy hahita fahombiazana eo amin’ny fiainantsika isika.

**c. Ny herin’ny Fanahy Masina**

Ny toro-hevitra fahatelo nomen’i Paoly an’i Timoty mba hanampiana azy hampiasa ny fahaiza-manao izay ananany dia hita ato amin’ireto teny ireto : ”Ilay zavatra tsara natolotra anao dia tehirizo amin'ny fampaherezan'ny Fanahy Masina, Izay mitoetra ao anatintsika”. Naseho ho toy ny fomba iray ahazoana mitahiry ny fahaiza-manao izay ananana ny Fanahy Masina. Tsy mahagaga izany satria ny fanomezam-pahasoavana dia avy amin’ny Fanahy : “Fa ny anankiray nomen'ny Fanahy teny fahendrena, ary ny anankiray teny fahalalana, araka izany Fanahy izany ihany, ary ny anankiray finoana, amin'izany Fanahy izany ihany, ary ny anankiray fanomezam-pahasoavana ho enti-mahasitrana, amin'izany Fanahy iray izany ihany, ary ny anankiray ny manao fahagagana*, ary ny

anankiray ny maminany, ary ny anankiray ny mahafantatra fanahy samy hafa, ary ny anankiray ny miteny amin'ny fiteny samy hafa tsy fantatra, ary ny anankiray ny mandika fiteny tsy fantatra. Ireo rehetra ireo dia asan'ny Fanahy iray ihany, zarazarainy ho azy rehetra avy araka ny sitrapony.” (1 Korintiana 12 : 8-11). Manome fanomezam-pahasoavana maro isan-karazany ho an’ny mpino ny Fanahy. Ary tsy mijanona eo amin’ny sehatra ara-panahy fotsiny ihany ireo fanomezam-pahasoavana ireo. Manome izay ilain’ny zanany Andriamanitra mba hahatonga azy ireo ho mahasoa sy mahomby eo amin’ny sehatra sy asa rehetra izay atao. Azony atao tsara ny hamirapiratra eo amin’ny asa rehetra atao ao am-piangonana sy any ivelan’ny fiangonana.

Rehefa nahatsapa ny hasarobidin’ny Fanahy ny Apostoly Paoly dia namporisika ireo Kristiana tao Tesalonika nanao hoe : ”Aza mamono ny Fanahy.” 1 Tesaloniana 5 : 19. Rehefa mamono ny Fanahy isika dia maty miaraka amin’izay koa ireo fanomezam-pahasoavana izay nomen’ny Fanahy. Mba hamelomana ireo fanomezam-pahasoavan’ny Fanahy dia anjaran’ny mpino ny mamelona ny Fanahy. Hita ao amin’ny asa soratry ny mpanompovavin’ny Tompo ihany koa izany hevitra izany : “Efa antsika sahady ao amin’i Kristy ny fanomezana, nefa ny tena fananana azy dia miankina amin’ny fandraisantsika ny Fanahin’Andriamanitra.” *Henoinareo ny Fanoharana*, p. 283.

Mamporisika ny mpianany Jesosy mba hitady ny fanahy amin’ny fampanantenana azy ireo ny valiteny mahafapo avy amin’ny Ray : «Koa raha ianareo, na dia ratsy aza, mahalala hanome zava-tsoa ho an'ny zanakareo, tsy mainka va ny Ray, Izay any an-danitra, no hanome ny Fanahy Masina ho an'izay mangataka aminy? » Sady fanasana izany no famporisihina mba hangatahana ny Fanahy. Misy ohatra azontsika jerena ao amin’ny vavaka nataon’i Davida mpanjaka : «

**Famaranana**

Nanome fanomezam-pahasoavana ny Fiangonany sy ireo olona rehetra mandrafitra ny fiangonana Andriamanitra. Io fahaizana io no ahafahan’ny vahoakany mahita vokatra azo antoka eto amin’ity fiainana ity sady ahafahan’ireo zanany manana fiainana be dia be. Moa ve ilaintsika ny mampiasa sy mamelona indray ny fanomezam-pahasoavana nomena antsika ? Moa ve nanamatroka ny famirapiratantsika fahizay ny fandalovan’ny fotoana ? Moa ve izay asa faran’izay kely indrindra no ataoko ? Nihatra tamin’i Timoty izany, ilay olon’ny finoana. Mila mandini-tena fatratra ny rehetra sy ny tsirairay avy. Aoka anefa tsy hisy ho kivy fa azo ampiasaina sy averina ampiasaina ny fahaiza-manao izay ananana.

Ho fanombohana àry dia andeha hampiharina ireo toro hevitra telo nomen’i Paoly : andeha hiainantsika ireo asa sy andraikitra rehetra nomena antsika, andeha hohamafisina isan’andro amin’ny Teniny ireo fanomezam-pahasoavana ananantsika, ary andeha hitady isan’andro ny herin’ny Fanahy amin’ny alalan’ny vavaka isika. Tsy maintsy manomboka na manomboka miasa indray isika, ary aoka tsy ho sahiran-tsaina ianao raha toa ka tsotra dia tsotra izany amin’ny voalohany. Mba hanampiana anao amin’izany dia azonao atao anio ny misafidy na hanohy na hanomboka hamaky toko iray ao amin’ny Baiboly isan’andro sy ny miara-mivavaka amin’ny mpino hafa amin’ny 7 ora maraina sy amin’ny 7 ora hariva ho fandraisana ny firotsahan’ny Fanahy Masina. Mety misy toro hevitra hafa mba ahazoanao manana fiainana be dia be fa fidio anio ny hanomboka hampihatra ireo toro hevitra telo ireo.

**Vavaka**

**Pasitora Aniel Barbe**
**Tompon'andraikitry ny FIPIKRI IOUM**